

TORO-LALANA : NY KOPERATIVA / GUIDE : LA COOPERATIVE

ANKAPOBENY MIKASIKA NY KOPERATIVA	GENERALITE SUR LA COOPERATIVE
<p>1. <u>Lalàna mifehy</u></p> <ul style="list-style-type: none"> ❖ Lalàna laharana 99-004 tamin'ny 21 Aprily 1999 ❖ Didim-panjakana laharana faha 2014 – 1003 tamin'ny 16 jolay 2014 ho fampiharana ny lalàna laharana faha 99-004 tamin'ny 21 aprily 1999 momba ny Kaoperativa <p>2. <u>Famaritana</u></p> <p>Ny Koperativa dia orin'asa manana endrika manokana (vondron'olona manokana), manana renivola sy olona (mivaova) mirotsaka an-tsitra-po hikendry ho tanjona hiraisana ny fananganana orin'asa iaraha-mitantana, amin'ny fametrahana anjara vola mifandanja amin'ny renivola sy ho fandraisana andraikitra tsy mitanila eo amin'ny mety ho vokatry ny fiaraha-miasa matotra, satria niarahan'ny mpikambana nisahana amin'ny fampandehanana azy.</p> <p>Manana ny maha izy azy feno sy tanteraka izy.</p> <p>3. <u>Fepetra fototra</u></p> <p>Ny fiasan'ny Koperativa dia ho arak'ireto foto-kevitra ireto :</p> <ul style="list-style-type: none"> - Filatsahana malalaka. - Fanaraha-maso sy fitantanana iraisana. - Tamberim-bokatra araka ny asa nataon'ny mpikambana. - Mpikambana maharay roa. - Fitaizana ny mpikambana. - Tsy firehana ara-politika na foko, na fivavahana. - Olona iray, vato iray. <p>4. <u>Tanjona trararin'ny Koperativa</u></p> <p>Ny hanome tanana ny mpikambana no tanjon'ny Koperativa, indrindra fa amin'ny :</p> <ul style="list-style-type: none"> - Fiantohana ny hatsaran'ny asa sy ny 	<p>1. <u>Cadre juridique</u></p> <ul style="list-style-type: none"> ❖ Loi n°99-004 du 21 Avril 1999 ❖ Décret N° 2014 – 1003 du 16 Juillet 2014 portant application de la loi N°99-004 du 21 Avril 1999 relative aux Coopératives <p>2. <u>Définition</u></p> <p>Une coopérative est une société civile particulière à capital et personnel variables rassemblant des personnes qui se sont volontairement groupées pour atteindre un but commun, par la constitution d'une entreprise gérée collégalement en fournissant un quote-part équitable du capital nécessaire et en acceptant une juste participation aux risques et aux fruits de cette entreprise, au fonctionnement de laquelle les membres participent activement. Elle est dotée de la personne morale.</p> <p>3. <u>Principes fondamentaux</u></p> <p>La coopérative agit selon les principes suivants :</p> <ul style="list-style-type: none"> - Libre adhésion ; - Contrôle et gestion collégiaux - Ristournes proportionnelles aux activités des membres ; - Double qualité des membres ; - Education des membres ; - Neutralité politique, ethnique et religieuse ; - Un membre, une voix <p>4. <u>Objectif de la coopérative</u></p> <p>La coopérative a pour objet de fournir des prestations aux membres, notamment en vue de :</p> <ul style="list-style-type: none"> - Assurer la qualité des produits et services ; - Offrir en permanence de meilleurs services aux membres ;

<p>vokatra ;</p> <ul style="list-style-type: none"> - Fanolorana izay asa tsara indrindra ho an'ny mpikambana ; - Fampivoarana ny fari-piainan'ny mpikambana ; - Fampisondrotana ny fahalalana sy ny fahaiza-miasan'ny mpikambana amin'ny fampiofanana sy ny fitezana azy ; - Fanomezana azy izay fitaovana sy milina ary fiasana madinika ho fampiasan'izy ireo manokana; - Fanatanterahana izay fifanarahana ara-bola ho an'ny mpikambana, indrindra ny fanangonana ny petra-bola sy fanamorana ny fisamborany vola ary ny fiantohana azy ireo. 	<ul style="list-style-type: none"> - Améliorer le bien-être des membres ; - Elever le niveau professionnel et culturel des membres par des activités de formation et d'éducation ; - Mettre à la disposition des membres pour leur usage exclusif des matériels, machines ou instruments ; - Effectuer au service des membres toutes opérations financières, notamment : la collecte de l'épargne, l'octroi de crédit ou le cautionnement mutuel
--	--

FANANGANANA KOPERATIVA	CREATION DE COOPERATIVE
<p>1. <u>Fepetra Fananganana Koperativa</u></p> <ul style="list-style-type: none"> a. Singan'olona fito, na vondron'olona fito raha kely indrindra, no afaka mampijoro Koperativa iray. Ny fikambanan'ny roa, raha kely indrindra, isan-tokony avy, no afa-mijoro ho Firaisana, na Fivondronana, na Fivondronamben'ny Koperativa. b. Ny Fivoriambem-panorenana, ivorian'ireo mpikambana mpanorina, no hany manapaka izay ho fitsipika fototra hifehy ny Koperativa, mamaritra sy mamory izay mety ho vola na fitaovana ilaina amin'ny fanombohana ny asa. <p>2. <u>Antontan-taratasy ilaina</u></p> <ul style="list-style-type: none"> a. Taratasy fangatahana ny fanamarinam-panoratana b. Fitana an-tsoratra fivoriam-bem-panorenana c. Fanamarinam-pahatongavana tamin'ny fivoriam-bem-panorenana d. Fitsipika fototra (mamaritra ny anarana, toerana, foiben-toerana, asa sahanina , faritra iasana, fepetra rehetra 	<p>1. <u>Constitution de coopérative</u></p> <ul style="list-style-type: none"> a. Une unité coopérative est constituée par sept personnes physiques ou morales au minimum. Les Unions, Fédérations et Confédération peuvent être constituées par deux structures coopératives au minimum b. L'Assemblée Générale Constitutive, qui réunit les membres fondateurs, adopte d'une manière souveraine les statuts devant régir la coopérative, détermine et constitue les moyens financiers ou matériels nécessaires au démarrage des activités. <p>2. <u>Papier à fournir</u></p> <ul style="list-style-type: none"> a. Demande de certificat d'enregistrement b. Procès verbale de l'assemblée générale constitutive c. Fiche de présence de l'assemblée générale constitutive d. Statut (qui définit la dénomination, localité, siège social, activité, ressort territoriale, modalité d'adhésion ...)

<p>maha mpikambana...)</p> <p>e. Lisitry ny mpikambana ao amin'ny filankevim-pitantanana</p> <p>f. Lisitry ny mpikambana sy ny anjara vola narotsany</p> <p>g. Ny dika mitovy ny fanomezan-dàlana na ny fahazoan-dàlana nomen'ny sampan-draharaham-panjakana ara-teknika mahefa mahakasika ny sehatr'asa voakasika</p> <ul style="list-style-type: none"> • Atao dika 5 mitovy ireo taratasy ireo • Noferana ho 7 andro aorian'ny fametrahana dossiers ny fanomezana ny fanamarinam-panoratana 	<p>e. Liste des membres du conseil d'administration</p> <p>f. Listes des membres avec leur part sociale</p> <p>g. Une copie de l'autorisation ou de l'agrément délivré par l'Autorité ou les services techniques compétents concernés pour les secteurs d'activités particuliers</p> <ul style="list-style-type: none"> • dossier en 5 exemplaires à déposer au SERVICE D'APPUI DES PME/PMI ET DES COOPERATIVES (SAPPC) Immeuble MICA Ambohidahy P. 510 ou auprès des DRICA • délai de 7 jours pour l'obtention du certificat d'enregistrement après dépôt du dossier
--	---

SAMIHafa	DIVERS
<p>Sehatra iasan'ny koperativa</p> <p>1. <u>Sehatra voalohany</u></p> <p>a. Fambolena</p> <p>b. Fiompiana</p> <p>c. Jono</p> <p>d. Fitrandrahana ala</p> <p>e. Famokarana</p> <p>2. <u>Sehatra faharoa</u></p> <p>f. Asa tàmàna</p> <p>g. Fitrandrahana harena ankibon'ny tany</p> <p>h. Fanodinam-bokatra</p> <p>3. <u>Sehatra fahatelo</u></p> <p>i. Varotra</p> <p>j. Tolotr'asa</p> <p>k. Fitaterana</p> <p>l. Tahiry ifampisamborana</p>	<p>Secteurs d'activités des coopératives</p> <p><u>Secteur primaire</u></p> <p>a. agriculture</p> <p>b. élevage</p> <p>c. Pêche</p> <p>d. Forêt</p> <p>e. Production</p> <p><u>Secteur secondaire</u></p> <p>f. Artisanat</p> <p>g. Mine</p> <p>h. Transformation</p> <p><u>Secteur tertiaire</u></p> <p>i. Commerce</p> <p>j. Service</p> <p>k. Transport</p> <p>l. Epargne et crédit</p>

TOLOTRA OMENA

- Tohana ara-kevitra ho an'ireo olona tonga manontany momba ny fananganana kaoperativa na olon-tsotra izany na fikambanana tsotra na vondron'olona
- Fanentanana ireo olon-tsotra (tanora, vehivavy) na fikambanana tsotra mba hiroso eo amin'ny fananganana kaoperativa
- Fanamafisana ny fahaiza-manaon'ny mpikamban'ny kaoperativa amin'ny alalan'ny fanomezana fanofanana azy ireny.
- Fikirakirana ny antontan-taratasy fangatahana hanangana kaoperativa , fanoratana ny kaoperativa vao mitsangana ao amin'ny rejistry ny kaoperativa ary famoahana ny mari-panoratana

SERVICES RENDUS :

- Appui conseil des associations des groupements de bases, des organisations paysannes ou individu demandant le renseignement concernant la création des coopératives
- Sensibilisation pour la création des coopératives
- Renforcement de capacité de coopératives créées
- Etudes des dossiers de constitution déposés auprès du service, enregistrement de la coopérative créée et délivrance du certificat d'enregistrement